



***SARIBAO: fanamboarana fatana
«dôme» vita amin'ny biriky***

Madagascar



FAMPIDIRANA: Amin'ny tany mbola tsy mandroso sy andalam-pandrosoana aty Afrika sy Azia dia kitay sy saribao no tena fampiasa isan-tokantrano; mitarika fandripahana ny ala amina velarantany lehibe tokoa izany ary mitarika fahapotehan'ny ala voajanahary ihany koa. Ny hamehana aterak'izany no tokony hitadiavana loharanon'angôvo hafa azo avaozina azo hasolo ny hazo.

Ny volobe dia vahaolana maharitra sy safidy amin'ny zavamaitso azo atao loharanon'angôvo. Ny volobe dia haingam-paniry ary afaka 4 na 6 taona dia efa matoy. Rehefa matoy tsara ny fototra volobe dia afaka manome vokatra isan-taona ka tsy mahavoatery animba na andripaka ala. Ny tahon'ny volobe dia azo ampiasaina avy hatrany ho kitay na ihany koa avadika ho saribao.

Hatramin'ny fahagola, ny saribao dia azo vokarina amin'ny alalan'ny lavaka na dongona na fatana vita amin'ny tany. Ny vokatra azo avy amin'ny zany nefa dia kely. Ny famokarana ampiasana fatana dome kosa dia azo lazaina fa tsotra sy mahomby ary tsy misy risika. Rehefa voafehy ny fampiasana ny rivotra rehefa mandoro saribao dia tsara kokoa ny kalitaon'ny saribao azo: mitondra hafanana betsaka kokoa ary tsy betsaka ny lavenona aterany.

FISAFIDIANANA NY TOERANA - Ny fatana saribao dia tokony atao manakaiky ny toeraka hanirian'ny volobe (ala misy volobe dia, na volobe novolena na voly akaikin'ny toeramponenana) mba hahakely ny fandaniahana amin'ny fitaterana.
- Tokony atao akaikin'ny lalana ihany koa ny fatana saribao mba hanamora ny fitaterana makany an-tsena.

IREO DINGANA ARAHINA

Fanomana ny toerana

Ajariana atao mitovy tantana ny toerana ametrhana ny fatana (5 X 5 M farafahakeliny).



Atao avoavo kokoa ny toerana hisy ny fatana: 5X5M. Maka tany ary asiana vato na biriky manodidina mba tsy hiparitahany.





Afaka lalorina simenitra 5 na 7,5cm (manamora ny fitobian'ny saribao sy birikety) fa afaka atao tany tsotra ihany koa.



Manamboatra fialofana (5X5M) araka izay akora misy eo an-toerana: hazo, tafo tôle na ravi-potsy, sns.



KISARISARY:



Fatana dôme



Ny zavatra ilaina :



Biriky: Miovaova ny haben'ny biriky arakaraka ny firenena sy ny faritra.

Ohatra 1: Raha biriky 22 X 9 X 5 cm; dia mila biriky miisa ~ 1700 Nos.

Ohatra 2: Raha mampiasa biriky lehibe (19 X 9 X 9 cm) ho an'ny tapany ambany dia mila ~ 1150 biriky; raha mampiasa biriky kelikely (19 X 9 X 4 cm) ho an'ny tapany ambony: 1000 biriky.

Vinavina: Raha 19 cm ny hatevin'ny rindrina mahitsy tapany ambany, dia 1,80 mètre cube ny biriky ilaina. Raha 9 cm kosa ny hatevin'ny rindrina mivoitra tapany ambony, dia 0,7 mètre cube no ilaina. Afaka atao arak'ireo tarehimarika ireo ny fikajiana ny biriky ilaina arakaraky ny haben'ny biriky isam-paritra.

Ny fomba andaharana ny biriky rehefa mandrafitra ilay fatana



Fanamarihana: rehefa manao ny tapany ambany dia (rindrina mahitsy) dia biriky lehibe no ampiasaina. Rehefa manao ny tapany ambony kosa (rindrina Mivoitra) dia biriky kelikely no ampiasaina (latsaky ny 4cm ny haavony ohatra)

TANIMANGA

Zahavo ny tanimanga tsara fanaovana fatana na biriky na vazy



TAINOMBY

Mampiasà tainomby lena (vao haingana).



MOLOLO

Mampiasà mololo na bozaka ary teteho madinika (2-5cm).



IREO DINGANA ARAHINA

Vy fisaka manana savaivo 60cm misy fitazonana azy no atao saron'ny fatana.



Ny zavatra ilaina

Fanamarihana: Ho an'ny fatran'ny feta (rihatra, beda) andrafetana sy andalorana voalohany dia 10 :1 :1 ny habetsaky ny tanimanga :tainomby :mololo. Ho an'ny lalotra faharoa sy fahatelo kosa dia 1 :1 ny tanimanga sy tainomby.

Ny antony ampiasana tainomby sy mololo dia manamafy sy mampiray ny lalotra. Rehefa maina koa ny tanimanga dia vakivaky ka ny fisian'ny mololo dia mampihena ny fivakisana.

Mila alona indray alina ny tanimanga sy tainomby ary mololo mifangaro sy voahosihosy mba mampalefaka, mampipetaka ary mampifangaro azy kokoa.

Atao madity tsara ny rihitra mba ampipetaka azy tsara.



FANORENANA

Asio marika ny ivon'ny fatana. Atsatohy eo ny tapaka volobe na hazo mirefy 3m eo ho eo ary farito ny manodidina ny fatana. Mampiasà tady hamaritana ny manodidina sy hanamarinana ny hitsin'ny fijoroany.



Farito ny boribory (120 cm ny tàna, 240 cm ny savaivo).



Mametraha biriky 6 (mitovy elanelana) ho mariky ny toerana hisy lavaka hidiran'ny rivotra amin'ny fatana.




Aza asiana biriky ny toerana asiana ny varavarana (75cm)



FANORENANA (tohiny)

Atombohy amin'ny fanasiana rihatra (na feta na beda: tanimanga + tainomby + mololo voatetika) amin'ny tany voasoritra ny fananganana.

Apetraho eo ambonin'ny rihatra ny biriky. Tsy asiana rihitra sy biriky ireo lavaka 6 fa avela hobabangona. (esorina ireo biriky 6 natao marika teo aloha)



Fandaharana biriky:

Atao rindrina 22 (biriky 1 mitsangana ary biriky 2 mitsivalana).

Atao mifandipatra (mifandiso) ny filahatry ny biriky ambony sy ambany, sy ny biriky ankavia ankavanana, mba hahamafy orina ny fatana sy tsy handehanan' ny rivotra anelanelany.

Tohizo hatramin'ny 70 cm ny fananganana ny rindrina ary asio lavaka 6 (antonona biriky 1) mitovy elanelana. Tsy atao mifandrify amin'ny lavaka tany ambany fa atao mifandipatra (~45°)



Eo amin'ny varavarana dia asio tolàna vy mi-bontsina eo amin'ny 30cm eo ny ahavony. ary asio tapaka volobe mitanty azy avy ao ambany.

Tohizo hatramin'ny 135 cm eo ny fananganana ny rindrina dia asiana lavaka miisa 6 indray mifandipatra (~45°) amin'ny lavaka natao teo ambany.



FANORENANA (tohiny)

Tohizo hatramin'ny farany (140cm) ny fananganana ny rindrina mahitsy tapany ambany (laharana biriky 2).

Manomboka eo dia laharana biriky 1 no atao mba azahoana ilay endrika boribory mivoitra (dôme).




Ahoana no atao azahoana ilay endrika dôme?


Mametraka hazo mitsivalana eny ambony ary vy na hazo boribory (savaivo 60cm) mitovy amin'ilay lavaka varavarana eny ambony tiana hahatongavana. Manisy tady avy eny mankeny amin'ny rindrina eny ambony mba ho torolalana.



Safidy n°1: Asiana rihatra misimisy kokoa amin'ny faritra ivelan'ny biriky ary kelikely kokoa amin'ny faritra anatinymba hampitongilana ny biriky eo ambony.



Safidy n°2: Refeha mandahatra biriky dia ampidirina 1cm aty anatin'ny raha oharina amin'ny biriky eo ambony mba hikatonany tsikelikely.




Fanamarihana: Mampiasà metatra rehefa manao fanorenana mba hampitovy tsara ny elanelana tiana hahatongavana.

IREO DINGANA ARAHINA

Avy eo amin'ny faritra anatin'ny no anombohana ny rindrin'ny dome.



Ataovy mifandipatra ny fanda-harana ny biriky fa aza atao milahatra ambony ambany .



Tohizo hatramin'ny 200cm avy amin'ny tany ny haavon'ny rindrina. Rehefa izany dia mame-traha indray lavaka 6 mifandipatra amin'ny tao ambany.



Mba hahamafy orina ny rindrina dia lalory ny anatin'ny sy ny ivelany.

Ataovy madity tsara ny rihatra.

Kendreo mba ho 60cm ny savaivon'ny lavaky ny varavarana mba hifanandrify tsara amin'ilay saronana vy efa nomanina.



Tohizo ny fanorenana ny rindrina hatramin'ny haavo 240cm.

Fanamarihana : rehefa manorina ny dôme dia ajanony amin'ny antsasan'ny haavo tiana hahatongavana ka avela indray alina mba ho maina sy ho mafy.

Fandalorana

Zava-dehibe tokoa ny fipetahan'ny lalotra amin'ny rindrina izay miankina indrindra amin'ny singa nampiasaina (tanimanga, tainomby ary mololo), ny fifangaroany araka ny tokony ho izy ary ny fomba nandalorana. Tokony misy lalotra maromaro mifanindry (in-4 farafahakeliny) vao mety.



Ireo Dingana Arahina Ny lalotra voalohany sy faharoa: Tanimanga, tainomby ary mololo amin'ny fatra 10:1:1. Atao madity na matavy ny rihatra.

Ny lalotra fahatelo sy fahefatra: Tanimanga, tainomby ary mololo amin'ny fatra mitovy 1:1:1. Atao mandranoka kokoa ny rihatra mba hameno ny mitriatra.

Lalotra voalohany: Lalory tanteraka amin'ny rihatra ny anatin'ny sy ivelan'ny fatana. Ataovy mahatratra 1-2cm ny hateviny.



Lalotra faharoa: avelao ho maina 2 andro aloha ny lalotra voalohany mba hisehoan'ireo triatra na vakivaky lehibe. Avy eo vao mandalotra manify kokoa amin'ny tanana atao miomina mba hameno ireo mitriatra (mampiasa tanimanga, tainomby, ampombo sy mololo). Avela ho maina 2 andro indray mba hisehoan'ny triatra na vakivaky kelikely kokoa noho ny teo aloha.



Ireo Dingana Arahina (tohiny)


Lalotra fahatelo sy fahefatra: mampiasa rihatra manify sy mandranoka kokoa mba hameno ireo mitriatra sy vakivaky kely mba azahoana rindrina malama kokoa efa tsy misy mitsiatra intsony.



Ireto ny sarin'ny fatana dome rehefa vita



Marihina fa natao biletà teknika mitokana ny famokarana saribao amin'ny fampiasana ny fatana dôme.



Ny famokarana Ito boky ito dia nahazo ny fanohanan'ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena. Ny votoatin'ity boky ity dia andraikitry ny INBAR samy irery ary tsy mamatotra ny Vondrona Erôpeana sy Tahiry Iraisampirenena ho an'ny Fampandrosoana ny Fambolena

Raha mila fanazavana fanampiny dia antsoy ny:

INBAR secretariat:
No. 8, Fu Tong Dong Da Jie, Wang, Jing Area, Chaoyang District, Beijing
100102, P.R. China
Telephone: +86-10-6470 6161, +86-10-8471 3337, +86-10-6471 7108
Fax: +86-10-6470 2166 | Email: info@inbar.int

